ESPACE DERA - TSIADANA

# LEVON'NY AFO TAO ANATIN' NY FOTOANA FOHY

4

Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7725 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 21 novambra 2023

VONDRON'NY KANDIDÀ 7

# NILAZA HIKAROKA NY PAIKADY HAMPAHOMBY NY TOLONA



FLORENT RAKOTOARISOA 7

# NAMPIOMANA IREO NANIVAIVA NY HCC

MARINA IZANY ! 7

## HAZAKAZAKA... !

KITRA - "MONDIAL 2026" 8

## NOMOTSANIN'NY BAREA 3 NO HO 0 I TCHAD

NINIE DONIA 2

## VAHOAKA MAROBE NO NITSENA NY NOFO MANGATSIAKANY



FIKAMBANANA BAAM 7

## MIANTSO NY HAMPITSAHARANA NY FANENJEHANA NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA

TOLIARA 4

## OLONA 6 VOAPOIZIN'NY HAZANDRANOMASINA



GCL 669/25-13



GCL 670/13-8

Fikambanana TAMIHAKO

## Dimy taona namerenana indray ny hasina sy kolontsaina malagasy




**Tanjona amin'ny ho avy manaraka indray ny fanamafisana ny fikarohana, fianarana mahakasika ny teny sy ny fomba malagasy.**

Nankalaza ny tsingerin-taona faha-5 nijoroany ny fikambanana Tanora Miahy ny Hasina sy ny Kolontsaina na ny TAMIHAKO. Ny Asabotsy faran'ny herinandro teo no nanamarihana izany teny amin'ny Loggia Camping Ambohitrinimanga. Hetsika maro no nentina nankalaza izany izay nivoizana ny lohahevitra hoe " Fanomezana lanja ny teny malagasy" izay hanandratana ny Fifanampiana, Fifanajana ary ny Fitiavan-tanindrazana eo amin'ny samy Malagasy. Nisy ny seho sehatra lehibe izay nandraisan'ny mpikambana anjara toy ny hira, dihy, antsa tononkalo sy kabary maneho ny maha- kanto an'i Gasikara sy ny malagasy. Ankoatra ireo seho sehatra, nisy koa ny fampirantiana nentina nampahafantarana ny vahiny nasaina sy ny mpanotrona rehetra momba ny Tamihako sy ny hetsika natao eo anivon'ireo sampana samihafa nandritra izay 5 taona izay. Nilaza moa ny filoha mpanorina ny fikambanana, Rakotondramanana Kanto Andrianina Mariella fa tanjona amin'ny ho avy manaraka indray ny fanamafisana ny fikarohana sy fianarana mahakasika ny teny sy ny fomba malagasy ho an'ny mpikambana, fivelarana misimisy kokoa amin'ny fizaràna hoan'ireo kilonga sy tanora ivelan'ny fikambanana, famerenana ny sampana haikanto hafa toy ny dihy sy ny mozika malagasy, fitohizan'ny fianarana kabary hiarahana miasa amin'ny Fimpima. Tonga nanatrika ny fankalazana ny faha-5 taonan'ny Tamihako moa Ratoa Gabriella izay isan'ny manohana ny famerenan-kasina sy fanandratana avo ny kolontsaina malagasy, teo ihany koa ny avy amin'ny Fimpima sy Mpikalo, solontenan'ireo ivotoerana sy fikambanana ary Epp miara-miasa amin'ny fikambanana. Nitondra teny fisaorana sy tsodrano ho an'ny rehetra izay niara-nitoto sy nahandro nahamasaka ny fankalazana ny filoha mpanorina. Hoy izy hoe *"Atao toy ny fary lava vany ny fisaorana anareo ka tsy ho lany hamamiana, koa na mandeha ianareo na mitoetra dia fahasoavan' Andriamanitra anie tsy hisaraka aminareo"*.

**Tiaray R**

Tarika Wawa

## Hiverina amin'ny asa andavanandrony amin'izay

*« Mampanantena anareo mpikarakara lanonana sy ianareo mpankafy fa ho avy izahay hanafana ny lanonana any amintsika (fampisehoana sy alim-pandihizana) »*. Teny nambaran'i Wawa ao anatin'ny pejiny io. Hiverina amin'ny fiainana andavandro izahay, hoy ihany izy, satria tapitra ny fe-potoana nanaovany fanentanana tamin'ny fampielezan-kevitra. Niarahan'ny rehetra nahita rahateo fa nitondra anjara biriky goavana ny tarika nandritra ny fampielezan-kevitra nanohanana kandida iray tamin'iny fifidianana iny. Ho an'ny mpanakanto, asa no nataon'izy ireo nandritra ny fampielezan-kevitra. Nampiavaka ny zava-nisy tamin'ity, tsy niova kandida ny mpanakanto fa samy nanana ny notohanany avokoa. Kandida roa ihany rahateo no hany nampiasa azy ireo ka samy nanana izay notohanany sy naharesy lahatra azy avy. Ankehitriny, mahatsapa izy ireo fa vita ny anjara asa nampanaovana azy ka kandida sisa.



**Manam-petra ny zava-drehetra, hoy i Wawa.**

**Fy**

Ninie Donia - Nosy-Be Hell-ville

# Vahoaka maro no tonga nitsena ny nofo mangatsiakany

Omaly ihany dia efa naverina any Nosy Be, tanàna niavian' i Ninie Donia ny vata-mangatsiakany. Vahoaka maro no tonga nitsena izany teo amin'ny seranan-tsambo Nosy-Be Hell-ville. Araka ny programan'ny fianakaviana dia ho andrasana ao amin'ny "Salle d'oeuvre Catholique" ny Razana mba ahafahan'ny rehetra izay nankafy azy manao veloma farany ary amin'ny alarobia izao izy no halevina ao ampasandrazany raha tsy misy ny fiovàna. Raha tsiahivina kely moa, dia i Bezara Eliane Virginie no tena anaran'ity mpanakanto ity, fantatra amin'ny maha mpanjakavavin' ny Salegy izy ary anisan'ireo andrarezina avy any avaratr'i Madagasikara. Mpihira sy mpamoron-kira izy. Tamin'ny taona 1995 no nihirany voalohany ary ny hira mitondra lohateny hoe "tsara olobe", izay fampiaraham-peony tamin'ny mpanakanto Bilo no hirany voalohany. Maro ny hira nahafantarana azy, toy ny "mandiadiasa", "salegy jazz" "malilo" sns sns.... Maro be ny artista efa niara-niasa taminy, samy tohina sy nalahelo ary tsy nanam-po izao fahalasany izao ny ankamaroany na dia efa ela aza no nandrenesana fa narary izy. Izy tokoa no lasa hoy ny namany ao anatin'ny kanto ireo fa ny lazany sy ny hirany dia mipetraka mandrakizay. Izahay eto amin'ny Gazetiko moa dia maneho ny fiaraha-miory amin'ny fianakaviana manontolo.



**Maro be ireo vahoaka tonga nanotrona ny fianakaviany.**

**Tanya.R**



Ankatso

# Tsy mbola nisy fampianarana nandeha

*''Nisy ny fanambarana navoakan'ny Seces fa tapaka ny karaman'izy ireo''*

Tsy mbola nisy ny fampianarana niverina amin'ny laoniny na nandeha teny Ankatso omaly. Raha toa ka nolazaina ny herinandro lasa teo fa amin'ity herinandro ity no hiverenan'ny fampianarana. Raha ny hita teny amin'ny Oniversiten' Antananarivo dia tsy mbola nisy mpampianatra tonga teny an-toerana hanome ny fampinarana. *''Tonga ety ampianarana izahay satria nolazaina taminay nanomboka tamin'ny zomà lasa teo fa hiverina ny fampianarana, ka tonga izahay niaraka tamin' ny emploi du temps izay efa nomena anay nialohan'ny niantoan'ny fampianarana dimy volana lasa izay. Ny faran'ny herianandro teo anefa dia nisy ny fanambarana navoakan'ny Seces fa tapaka ny karaman'izy ireo ka anio izy ireo dia hanatanteraka fivoriambe''*, hoy ny solontenan'ny mpianatra, eo anivon'ny Fakiolten'ny Siansa. Nomarihan'ity mpianatra ity fa tsy nisy na mpampianatra iray aza nanome fampianarana ny andron'ny omaly. Raha tsiahivina dia ny zomà lasa teo nandritra ny hetsika nisiana filaharambe niampy filanjana sorabaventy no nampanantenanain' ny teo anivon'ny Oniversiten' Antananarivo fa hiverina ny fampianarana eo anivon'ny Fakiolten'ny Siansa.

**Taona fotsy**

Manoloana ny tsy mbola niverenanan'ny fampianarana eny amin'ny Oniversiten' Antananarivo dia misy ny ray aman-dRenin'ny mpianatra no naneho hevitra ka nilaza fa *''ny ahy mbola averiko ihany fa Ray aman-dreny manan-janaka hanao licence aho ary miara-miady hevitra fa : tsotra ny anay fa na mbola tsy maintsy ho taona fotsy aza, ka raha izay no hampivaha ny olan'ny université nandritr'izay fotoana ela izay ka ahafahana mamerina amin'ny laoniny ny hasin'ny Université tanteraka eo amin'ny lafiny rehetra. Mipetraka ho tantara izany satria efa tena potika tanteraka ny hasina mahaanjerimanotolo izay anisan' ny sangany teto Afrika. Manana adidy ny mpianatra, ny Ray aman-dReny, ny sendikà hiara-hitolona miaraka amin'izy ireo''*, hoy ny ray aman-dRenin'ny mpianatra iray. Anakotr'izay mbola nanamafy tamin'ny pejy ''facebook''ny Seces sampana Antananarivo fa ''manoloana ny fanaovana zinona ireo dingana sy ezaka mba hiverenan'ny fampianarana sy fikarohana aratsiansa, ny Seces Antananarivo dia miantso ny mpampianatra rehetra manerana ny Oniversiten'Antananarivo sy ny foibem-pikarohana rehetra hanatanteraka fivoriambe anio talata 21 novambra 2023''. Andrasana ny hevitra ho tapaky ny Seces aorian'io fivoriambe anio io.

**HAR**

PFSCE - Zon'ny ankizy

# Tsy misy politika fiarovana ny zaza

*''Andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny ankizy ny omaly. Manamarika ny faha-34 taona nanaovana sonia ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny zon'ny ankizy isika isaky ny 20 novambra isan-taona kanefa hatreto tsy misy politika fiarovana ny zaza eto amintsika Mbola tsy ahafahana mampihatra tanteraka ny zon'ny zaza ny toe-draharaha arapolitika, sosialy ary ekonomika eto Madagasikara. Efa maro ny fepetra noraisina sy ny asa nataon'ny fanjakana sy ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny miandraikitra ny ankizy saingy maro ny fanamby mbola miandry, mihasarotra kokoa aza izany. Voalohany amin'izany ny tsy fisian'ny politika fiarovana ny zaza. Mahazo vahana ihany koa ireo fanamby vaovao mifandray amin'ny teknolojian'ny fampahalalam-baovao sy fifandraisana izay mifandray indrindra amin'ny faharavan' ny rafitry ny fianakaviana''*, hoy ny Me Maria Raharinarivonirina, filohan'ny ''Plate Forme Société Civile pour l'Enfance'' tamin'ny mpanao gazety omaly. ''Ho an'ny zaza tsirairay, ny zo rehetra'', io no loha-hevitry ny fankalazana amin'ity taona 2023. Isany nankatoa sy nanao sonia izany i Madagasikara tamin'ny 19 martsa 1991. Na izany aza, mbola mampametra-panontaniana ny finiavana hametraka ho laharampahamehana ny ankizy amin'ireo fandaharan'asampanjakana.

**Hetsika maro**

Ho entin'ity Vovonan'ny firaisamonim-pirenena ho an'ny ankizy dia hanao hetsika maro amin'ny haino vaky jery ny PFSCE. ''Anisan'ny zo fototry ny ankizy ny fampandraisan'anjara azy ireo hatrany amin'ny fanatanterahana. Amin'ity taoam-pankalazana ity dia tsy nisy ny hetsika fampihaonana faobe an'ireo ankizy ireo fa kosa hetsika amin'ny tambajotran-tserasera no tanterahana ka an'isany ireo hetsika rehetra ataon'ny ankizy eo anivon'ny komitin'ny ankizy izay misy solontena telo mianadahy. Ny fankalazana amin'ny tambajotran-tserasera dia efa nanomboka tamin'ny fiandohan'ny herinandro lasa teo hatramin'ny faran'ny volana. Misy ihany koa ny hetsika atao amin'ny haino vaky jery : izay iarahana amin'ny ankizy toy ny fiarahana manolotra vaovao amin'ny radio sy fahitalavitra. Ireo ankizy ireo no hilaza ny vaovao, ankoatran'izay ihany koa dia misy ny adihevitra iarahana amin'ny ankizy kely sy ireo olon-dehibe eto anivon'ny vovonana manodidina ny zon'ny ankizy. Misy ihany koa ny fandefasana fampahafantarana sy fanentanana momba ny zon'ny ankizy sy ireo eo fototra dimy. Misy koa ny clip sy dihy izay efa nomanin'ny ankizy kely marobe avy eto anivon'ny vovonana amin'ny fahitalavitra marobe'', hoy ny tomponandraikitry ny serasera eo anivon'ny PFSCE. Amin'ny alalan'ny tambajotran-tserasera kosa dia misy ny fanetsehana an'ireo « influenceur » izany hoe ireo olona be mpanaraka amin'ny tambajotran-tserasera izay miara-miray feo amin'ny ankizy mpikambana rehetra eo anivon'ny vovonana, hitondra ny hafatra.

**Heriniaina A.**

Fetin'ny faran'ny taona sy krismasy

# Manomboka ny fanomezana atolotry ny Startimes

Nanomboka ny 20 novambra ary maharitra amin'ny 31 desambra 2023, hisy ny tolotra manokana omen'ny Startimes ho an'ny vahoaka malagasy indrindra ho an'ireo mpanjifany. Anisan'izany ny fanomezana tolotra manomboka amin'ny 5 000 ar ho an'izay nisafidy ny tolotra Basic/Smart rehetra izany hoe lasa afaka misitraka ny tolotra Smart /Super izay maharitra 1 volana. Ho an' ireo manana ny tolotra Smart / Super kosa indray, raha manao abonnement roa volana izy ireo dia hahazo tolotra 10 andro fanampiny avy hatrany. Hisy ihany koa ny fandefasana horonantsary fohy vaovao antsoina hoe " deux soeur" izay azon' ny mpanjifan'ny Startimes jerena manomboka omaly ihany koa ao amin'ny chaine Gasystar isan'andro manomboka amin'ny alatsinainy hatramin'ny zoma. Eo ihany koa ny novelas thailandais "onjam-piainana" izay azo arahina ao amin'ny Up Tv. Afaka mahita ny chaine Pasqion Bollywood ihany koa ny mpanjifan'ny Startimes rehetra. Tsy ho diso anjara ny mpankafy fanatanjahantena izay afaka mijery OPLS how sy G Actus ary ahitana mpitantara baolina kitra malagasy mandray anjara. Amin'iny desambra iny, 8 ireo lalao afaka arahina ao amin'ny Bundesliga ary ho hita mivantana ao amin'ny Gasystar avokoa.

**Nath**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ndao hianatra hamela ireo nandratra fo satria isika tsy misy tonga lafatra fa indraindray koa mba solafaka."
Ny Vetso (10.04.16)
("Apprendre à pardonner parce que toi aussi, tu fais des erreurs.")

Ady amin'ny tsifanjariantsakafo

# Tanjona ny hampidina ny tahan'ny mitarazoka ho 28,4%

Raha ny antontanisa navoakan'ny Mics tokoa mantsy, misy 39,8% ny tahan'ny tsifanjariantsakafo mitarazoka tamin'ny 2021, ka nahatonga antsika ho firenena faha-10 tratran'ny tsifanjariantsakafo mitarazoka ary fahafito raha eto Afrika. Betsaka kokoa ny taha amin'ireo toerana ambony satria 51,9% izany ho an'i Vakinankaratra, 51,6% ho an'Itasy, 49,2% ho an'i Matsiatra Ambony, 49,1% ho an'i Amoron'i Mania. Mikasika ny tsifanjariantsakafo mahery vaika kosa indray, 310 000 na 7,7% ny tahan'ny zaza latsaky ny 5 taona tratrany ary betsaka kokoa ny zazalahy noho ny zazavavy. Maherin'ny 15,2% izany taha izany any Androy. Tanjona napetraka amin'ny 2026 ny hampidinana ny tahan'ny tsifanjariantsakafo mitarazoka ho 28,4% raha 5 % ho an'ny tsifanjariantsakafo mahery vaika. Tanterahina mandritra ny herinandro any amin'ny faritra atsimo atsinanana ny fanofanana ireo mpanao gazety mikasika ny tsifanjariantsakafo. Manan-danja betsaka amin'ny fitombon'ny zaza ny resaka sakafo, vao mitsaika mandrapahatonga azy eo amin'ny faha-2 taonany. Mamaritra ny mety hahatonga azy ho tratran'ny tsifanjariantsakafo na tsia ihany koa izany, torak'izay ihany koa amin'ny lafiny arapahasalamana. Hahazo voambolana vaovao mikasika ny fanjariantsakafo ireo mpanao gazety no mahafantatra ny drafitra vaovao ho entina miasa hiadiana amin'ny tsifanjariantsakafo hatramin'ny 2026. Vatsian'ny GIZ Prosar vola ary tanterahin'ny ONN izany atrikasa atao ao Farafangana izany.

**Nath**

Unicef

# "Marefo amin'ny fiovan' ny toetrandro ny ankizy malagasy"

Iray amin'ireo firenena 10 marefo indrindra amin'ny fiovan'ny toetrandro ny ankizy malagasy hoy ny Unicef. Efa manomboka mahatsapa izany ny rehetra saingy mila fandraisan'andraikitra faran'izay haingana izany. Anisan'ireo tanora nanapakevitra hikajy ny tontolo iainana ary nampivondrona ny heriny ny Alliance Aika. Miara-miasa amin'ny minisiteran'ny tontolo iainana izy ireo ary tanjona ny hanentana ny hafa, na ankizy na olon-dehibe hiaro ny tontolo iainana. Tanora mpandraharaha nisafidy hisehatra mahakasika ny ilomenaka na menaka azo avy amin'ny zavamaniry i Hantatiana Ranaivo izay namorona ny Flore Aroma. Niezaka nampahafantatra ny asany izy nandritra ny fanamarihana ny andro manerantany ho an'ny ankizy, tamin'ny alalan'ny latabatra boribory ary nandraisana ankizy, mpanao gazety, olon-tsotra, olo-malaza, mpanakanto ary mpandraharaha omaly tetsy amin'ny Anosy. Nangataka tamin'ireo PTF ireo ankizy mba ho atao lohalaharana ny fiarovana ny ankizy indrindra ny lafiny fanabeazana, fahasalamana, fiahiana ara-tsosialy. Omanina dieny mbola kely ny ankizy sy ny tanora iaina ao anatin'ny tontolo misy fiovan'ny toetrandro mba hahafahany mahay miatrika sy miomana ka hahafahan'izy ireo manolotra vahaolana. Tanjon'ny Unicef amin'izao fankalazana izao ny hisitrahan'ny zaza malagasy rehetra tsy ankanavaka ny zony amin'ny fanolorana azy ireo ny anjara fitenenana amin'ny sehatra rehetra eny fa na politika aza.

**Nath**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 688/20-6)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 684/10-10)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 683/10-10)

### VIDANGE

* Sce vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 685/17-9)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 690/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 690/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 690/6-3)

* Sce vidange fosse septique, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 689/15-5)

" Espace Dera Tsiadana "

# Levon'ny afo tao anaty fotoana fohy

Tsy nampoizina ny firehetan' ny « espace Dera » tetsy Tsiadana, omaly tokony ho tamin'ny 12 ora sy sasany. Rava tao anatin'ny minitra vitsy ity toerana nanana ny maha izy azy amin'ny lafiny fandraisana lanonana ity. Hotohoton'ny afo ny fitaovana sy ny entana ary ny atin-trano manontolo tao ambany rihana na ambony rihana. Nivadika lavenona tsy nisy azo noraisina intsony. Araka ny fijoroana vavolombelon'ny nanatri-maso ny tranga dia tao an-dakozia no niaingan' ny afo. Vetivety teo dia niakatra nananika ny tafo,ny tapenaka. Niitatra teo amin'ny trano ankilany ka may tao ihany koa ny biraon' ny « Sahaza Group ». *« Niantso mpamonjy voina izahay rehefa nahare fa may ny trano. Fotoana fohy dia tonga ny mpamono afo nanao ny asany. Potika ny tao amin'ny « Espace Dera », ankoatra ilay trano filanonana dia nisy toerana fametrahana entana ihany koa tao « dépôt ». Izany hoe may avokoa. Teo amin'ny 20 hatramin'ny 25% kosa ny fahapotehana tato aminay »* : hoy Nantenaina,mpiambina an'ilay toerana« Sahaza Group ». *« Hatreto dia azo heverina ho fikasohan'ny herinaratra no voalaza fa nahatonga ny loza»* : hoy kosa ny kolonely Razafimanahaka Tiana lehiben'ny mpamonjy voina etsy Tsaralalana. Tsy nisy ny naratra ary tsy nisy ihany koa ny olona namoy ny ainy, araka ny fanazavany hatrany. Anisan'ny tra-doza nahitana fahapotehana goavana ny biraon'ny orinasa « sahaza Group ». Ireto farany izay mpikirakira ny lafin'ny informatika ka rava tao avokoa ny fitaovana, solosaina, « écran », latabatra, seza, dosie…sns. Nanamafy ny tale jeneralin' ny « Sahaza Group » Andriamatoa Ravaka Ratsararay· fa avotra ihany ny « données » informatika asan'izy ireo.Na izany aza hanantona ny « assurance » ity orinasa ity aorian'izao voina izao.




**Rava tao anatin'ny indray mipi-maso ny espace DERA.**

Deyland

Toliara

# Olona 6 voapoizin'ny hazan-dranomasina, misy bevohoka

Olona enina no narary vokatry ny fihinanana hazandranomasina misy poizina ny Alahady lasa teo tao Toliara. Vehivavy ny dimy amin'ireo, izay nahitàna bevohoka iray sy zazakely vao sivy volana monja. Efa nalefa notsaboina ao amin'ny hopitaly be Tanambao-Toliara izy rehetra ireo ka mbola arahi-maso akaiky ny toe-pahasalamany. Araka ny fanazavàna azo dia vokatry ny fihinanana trondro antsoina hoe Lintotse na "banc de poisson" sy trondro Amboramasaky na trondrokely no nahavoa azy rehetra ireo. Manoloana ity tranga ity dia nanentana ny rehetra ny avy eo anivon'ny Ministeran' ny jono ny mba hitandremana amin'ny fihinanana ireo hazandrano mety hiteraka fanapoizinana ara-tsakafo (ICAM) indrindra amin'izao andro mafana izao. Efa misy ny takela-drindrina mampahafantatra ny lisitr'ireo trondro misy poizina sy ny toromarika rehetra mahakasika izany eny anivon'ny sampandraharahan'ny Ministeran'ny Jono manerana ny Nosy. Entanina ny rehetra mba hamaky sy hanaraka izany hisorohana ny tranga toy izao, izay mety hamoizina aina mihitsy raha tsy voavonjy ara-potoana.Tranga efa mateti-piseho rahateo ny toy izao ary maro amin'ny mponina any amoron-tsiraka no mahafantatra izany kanefa mbola misy mahasahy mihinana ireo trondro mankarary ihany.

R.C

Vohémar

# Lehilahy hita faty nihantona teny ambony hazo

Lehilahy iray 32 taona no hita faty nihantona teny ambony hazo tany amin'ny toerana antsoina hoe Ampitan'ny Manankolana any amin'ny fokontany sy kaominina Daraina ao anatin'ny distrikan'i Vohémar, afakomaly tokony ho tamin'ny 7 ora sy sasany maraina. Olona tany an-toerana no nahita ny razana voalohany ka io avy eo no nampandre ny fokonolona. Vetivety dia nahoraka ny feo ka tonga maro ny olona teo an-tanàna nijery ny razana. Efa nisy nampandre mikasika ny zava-niseho ihany koa ny tomponandraikitra ka tonga nidina ifotony tany an-toerana ny zandary avy ao amin'ny borigady Daraina niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSB-II any ihany. Nandritra ny fotoana nahatongavan'izy ireo tany amin'ny toerana nisy ilay razana no nahalalana fa maty nananton-tena ity lehilahy ity, araka ny fanazavana azo. Tsy fantatra aloha izay antony nahatonga an-dralehilahy namoy fo tahaka izao fa tsy zakany intsony angamba ny olana teo aminy ka nahatonga azy nananton-tena. Araka ny fanazavana hatrany dia ny akanjony ihany no namatorany ny tendany tamin'ilay hazo. Fantatra fa olona mipetraka ao amin'ny fokontany Daraina ity maty nananton-tena ity. Efa natolotra ny fianakaviany ny vatana mangatsiakan-dralehilahy taorian'ny fizahana rehetra tokony nataon'ireo tompondraikitra ireo.

T.H

Ambohidratrimo

# Jiolahy mpaka an-keriny maty voatifitra

Jiolahy kalaza amin'ny fakàna olona an-keriny sady atidoha mpiketrika izany ity lavon'ny balan'ny zandary tao amin'ny kaominin'Anjanadoria, distrikan'Ambohidratrimo ity. Araka ny fanazavàna azo, nisy vehivavy roa nalain'ny jiolahy ankeriny tao Tsarahonenana, kaominina Avaratsena-Sahalemaka, distrikan'Ambohidratrimo ny 05 Nôvambra lasa teo. Navotsotr'ireo olon-dratsy izy roa vavy rehefa notazoniny nandritra ny herinandro. Niroso tamin'ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo olon-dratsy ny zandary taorian' izany ka olona roa no voasambotra. Samy niaiky ny heloka vitany ireo ary nanondro ny tena atidoha dia ity jiolahy maty ity. Voasambotra ihany koa io ary niaiky ny helony. Mbola nanondro ny namany izy ka nanao be midina tamin'ny toerana nolazainy fa fieren'ireo ny zandary. Tamin'izany indrindra anefa no nanararaotra nikasa hitsoaka ity jiolahy ity ka maty voatifitry ny zandary. Basy vita gasy iray tratra teny aminy.

R.C

Besalampy

# Olona 3 nalaina 12 lahy nirongo basy an-keriny

Nirefotra ny basy tany amin'ny fokontany Ampanangana kaominina Ampako any amin'ny distrikan'i Besalampy ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 4 ora maraina. Nisehoana fanafihan-dahalo tany an-toerana tamin'io fotoana io. Vokany : lehilahy iray tompon'omby no maty voatifitry ny olon-dratsy. Araka ny fanazavana azo dia 12 lahy ry zalahy no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tany an-toerana. Nirongo basy miisa dimy izy ireo. Vantany vao tonga teo amin'ilay tanàna dia nanapoaka basy ka nitifitra an'ilay tompon'omby ary nitarika ny fahafatesany izany. Taorian'izay dia navoakany ny ombin'io rangahy io izay maherin'ny zato. Tsy vitan'izay fa mbola nangalarin'ireo olon-dratsy ihany koa ny ombin'olona maromaro teo amin'ilay tanàna. Mialoha ny nandehanan'ireo olon-dratsy dia olona telo no nalain'izy ireo an-keriny.

**Naratra**

Rehefa niala kely atsimon'ny tanàna anefa dia tsy voafehin' ireo olon-dratsy ny omby sasany ka fantatra fa omby manodidina ny telopolo no nentin'izy ireo nihodinkodina ny faritra misy azy ireo. Efa nampandrenesina mikasika ny zava-niseho ny zandary tany an-toerana ka nanao fidinana ifotony sy nanao ny sakana mety handalovan'ireo dahalo. Voafehy avokoa ireo kizo ka votsotra teny an-tanan'ireo olon-dratsy ny omby nangalariny. Votsotra torak'izany ihany koa ireo olona nalainy an-keriny na dia nisy naratra aza tamin'izy ireo.

T.H

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady**
**Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 394 - 11 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

### Hena omby sy karaoty ary haricot vert

**Zavatra ilaina :** hena omby, tongolo be, karaoty, Haricot vert, divay mena, lafarinina, tongolo gasy, Menaka, sira poivre.

**Fomba fandrahoana azy :** tetehana atao manify ny tongolo. Karakaraina tsara ny haricot vert sy ny karaoty. Tetehina na kikisana. Totoina ny tongolo gasy. Hafanaina ny menaka ary arotsaka ao ny hena sy ny tongolo be miaraka amin'ny karaoty sy haricot vert. Afangaro mandritra ny 5 minitra ary arotsaka ao ny lafarinana avy eo. Arotsaka ihany koa ny divay mena ary asiana rano kely. Asiana sira sy poivre miaraka amin'ireo hanitra hafa. Andrahoina mandritra ny fotoana maharitra.

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Makamaka lagy**




## Hatsikana an-tsary

**Mpangataka**




## Masoandro Miposaka

**Asan'ny Apostoly 3 : 17-18**

Ary ankehitriny, ry rahalahy, fantatro fa tamin'ny tsi-fahalalana no nanaovanareo izany, tahaka ny mpanapaka anareo koa. Fa izany no nahatanterahan' Andriamanitra ny zavatra nampilazainy ny mpaminany rehetra rahateo, fa hiaretan' ny Kristiny.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Todihina tsy hita toy ny sofina.**

Qu'on ne voit pas en se retournant, comme les oreilles.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3105**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | | | | 6 | 9 | 2 | | |
| | 3 | 9 | | | | 1 | | |
| | 5 | | 4 | 1 | | 8 | | |
| 2 | | | 7 | | 6 | | | 5 |
| 9 | | | | | | | | 6 |
| 4 | | | 1 | | 5 | | | 8 |
| | | 8 | | 5 | 4 | | 7 | |
| | | 6 | | | | 4 | 3 | |
| | | 7 | 6 | 2 | | | | 9 |

Valin'ny laharana **3104**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 2 | 6 | 8 | 7 | 9 | 3 | 5 | 1 |
| 3 | 5 | 1 | 6 | 4 | 2 | 9 | 7 | 8 |
| 9 | 8 | 7 | 3 | 1 | 5 | 6 | 2 | 4 |
| 2 | 4 | 5 | 1 | 8 | 3 | 7 | 6 | 9 |
| 1 | 3 | 9 | 5 | 6 | 7 | 4 | 8 | 2 |
| 6 | 7 | 8 | 9 | 2 | 4 | 5 | 1 | 3 |
| 8 | 6 | 3 | 7 | 9 | 1 | 2 | 4 | 5 |
| 7 | 9 | 4 | 2 | 5 | 8 | 1 | 3 | 6 |
| 5 | 1 | 2 | 4 | 3 | 6 | 8 | 9 | 7 |

Vondron'ny kandida

# "Hitady ny paikady rehetra hampahomby ny tolona izahay"

*Fa tsy vita ao anatin'ny fotoana fohy ny tolona.*



Nandritra ny valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny Andraharo, omaly.

Amin'ny herinandro ambony dia hitodika eny Ambohidahy indray ny mason'ny mpanara-baovao, raha teny Alarobia hatrany nanomboka tamin'ny 16 nôvambra lasa teo. Raha tsy misy fiovana amin'ny ora farany mantsy ny fandaharam-potoana dia amin'ny sabotsy ho avy izao no hamoaka voka-pifidianana vonjimaika ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fifidianana. Aorian'izay no handinika ny fitarainana rehetra voarainy ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana mialoha ny voka-pifidianana ofisialy. Ao anatin'izany rehetra izany, sesilany ny fanambarana anehoan'ireo kandida tsy nandray anjara tamin'iny fifidianana iny ny fanoherany sahady izay ho vokam-pifidianana hivoaka eo. Omaly, samy niezaka nametraka ireo mpilatsaka ho fidiana eo anivon'ny Vondron'ny kandida ireo raha nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny Andraharo, fa tsy vita ao anatin'ny fotoana fohy ny tolona ho an'ny fahamarinana sy ho an'ny taranaka ka tokony tsy ho kivy ny rehetra. Isan'ny tazana teny an-toerana nanatrika izany ny kandida Marc Ravalomanana, Hery Rajaonarimampianina, Andry Raobelina, Paraina Auguste, Hajo Andrianarivelo, Jean Jacques Ratsietison.

### Manohana ny tolo-kevitry ny SADC

« *Mila manana faharetana kely ny Malagasy. Ankoatra ireo fitakiana teo aloha dia hitohy amin'ny tsy fanekena ny valim-pifidianana ny tolona iarahantsika. Araka izany, manentana ny Malagasy handray andraikitra hanohy ny tolom-bahoaka izahay. Malalaka ny sehatra hafahana manatanteraka izany, izay tonga amin'ny fomba fitenintsika hoe izay tsy mahay sobika, mahay fatram-bary. Omena alalana hitarika izany ny herivelona rehetra, na mpanao politika na fikambanana na firaisamonim-pirenena. Izahay kandida kosa dia ho eo anilanareo hatrany ary hitady ny paikady rehetra hampahomby ny tolona*», hoy ireo mpanao politika ireo tamin' izany. Mifanindran-dalana amin'izay, milaza ho manohana ny tolo-kevitra nataon' ireo mpanara-maso ny zotram-pifidianaa iraisampirenena toy ny SADC, ny COMESA, ny OIF ary ny Vondrona Eoropeana mikasika ny tokony hanohizana ny fifampidinihana ny Vondron' ny kandida.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Hazakazaka arahin-tosika!

**Haingajaingana kokoa miohatra amin'ny mahazatra ny fahatongavan'ny vokatra eny anivon'ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fifidianana, tamin'ity indray mitoraka ity. Vitsy rahateo ny voka-pifidianana, noho ny mpifidy nalaina nandatsa-bato, tamin'ny 16 novambra lasa teo. Hazajazaka arahi-tosika toy izany koa ny fampiakarana arak'izay tratra ny taha-pandraisana anjaran'ny mpifidy izay raha ny omaly dia efa maherin'ny 40%. Tarehi-marika miteraka resa-be ny fomba fikajiana azy, raha tsy hiresaka afa-tsy ny fahalainan'ny fahavitrihan'ny mpifidy nandatsa-bato teto an-drenivohitra, nefa tsy arakarak'izany ny tarehi-marika navoaka. Mbola ho hazakazaka arahi-tosika ihany koa ny famoahana ny voka-pifidianana sy ny fandraisana fahefana, raha ny vinavina efa napetraka mialoha. Mandra-piandry izany rehetra izany, nilaza ny hanohy hatrany ny ezaka hamerenana an'i Madagasikara amin'ny tany tan-dalàna ny vovonana tarihin'ny filohan'ny Antenimierampirenena, raha tsy nandrenesam-peo firy intsony ny filoham-piangonana. Mifanindran-dalana amin'izany, milaza ny tsy hankasitraka izay voka-pifidianana hivoaka eo ny vondron'ny kandidà. Ny olom-pirenena tsotra indray tsikaritra ho samy mitady ny fomba hiatrehany ny fiainana andanandrony na dia tsy mitsahatry ny miajabidy avokoa aza ny kojakoja ilaina andavanandro. Ny any an-dakazery kosa mifamahofaho ny vaovao ny amin'ny hoe misy manamboninahitra nalaina am-bavany, ahiahiana ho mikotrika fanakorontanana izay namoahan'ny seraseran'ny mpitandro filaminana fa vaovao tsy marina. Dia mbola eo aloha izany isika izao. Andrasana izay ho fivoaran'ny zava-misy.**

Voahangy Rakotozafy

Florent Rakotoarisoa

# Nampiomana ireo nanivaiva ny HCC

Milaza ho manan-kambara amin'ireo sokajin-kery samihafa nitondra fanakianana mavaivay ho an'ireo mpikambana sivy mianadahy eo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana tao anatin'izay herinandro maromaro izay ny filohany Florent Rakotoarisoa raha nitafa fohy tamin'ny mpanao gazety teny Alarobia tamin'ny sabotsy teo. Ny sabotsy teo, nanambara io Filohan'Andrimpanjakana eny Ambohidahy io fa tonga soa aman-tsara any an-tsofiny avokoa ireo fanivaivana sy fanapempoana niantefa taminy sy ny mpiara-miasa aminy, saingy mbola tsy fotoana hamaliany izany izao vanim-potoana mialoha ny hivoahan'ny voka-pifidianana filohampirenena izao. « *Maheno ireny famingavingana ny HCC ireny ny tenako ary dia manan-kambara tokoa. Saingy misy fotoana hanginana ary misy fotoana hitenanana. Rehefa hisokatra ity vavako ity indray andro any dia ho gaga sy ho sahirana ireo mpanimbazimba sy milaza anay ho tsy mahay na inona na inona ireo. Mbola mila fitoniana sy miandry ny voka-pifidianana aloha isika amin'izao fotoana izao* », hoy Ing. Florent Rakotoarisoa tamin'izany. Notononiny manokana tamin'izany ireo mpahay lalàna, toy ny mpisolovava sy mpitsara iraisampirenena, ireo mpanao politika mpilatsaka hofidina, ary ny sasany tamin'ireo lehiben'ny Andrimpanjakana. Ireto farany, raha tsiahivina, dia tsy nitsahatra nampiaka-peo sy niantso ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana mba hiverina amin'ny ambaran'izy ireo ho aradalàna sy tsy handray baiko politika hiarovana tombontsoan'olombitsy fa kosa hitandro toy ny anakandriamaso ny lalampanorenana.

**Mamy R.**

Filohan'ny Antoko MMM

# "Tsy maintsy averina tany tan-dalàna i Madagasikara"



Ny Filohan'ny antoko MMM teny amin'ny foiben'izy ireo eny Ankerana.

Taorian'iny fifidianana izay natao teto amin'ny firenena iny dia namory ireo mpikambana ao amin'ny antoko Malagasy Miara-Miainga (MMM) izay tarihany Atoa Andrianainarivelo Hajo. Nambarany tamin'izany fa « *mitohy ny tolona ary tsy maintsy averina tany tandalàna i Madagasikara* ». Namafisiny fa tombontsoa iombonana no tadiaviana rehefa manao politika fa tsy manao fitaovana ny hafa. « *Ho any vahoaka Malagasy rehetra no hanaovana ny tolona* », raha ny fanazavany. Teto dia nidera sy nankasitraka ireo mpikambana tao anatin'ny antoko MMM ny filoha nasionalin'ny antoko, tamin'ny fanarahan' izy ireo ny toromarika rehetra nandritra ny tolona izay natao. Namafistiny fa tsy matahotra fifidianana ny antoko, satria efa niatrika fifidianana izay nisy rehetra teto amin'ny firenena. « *Fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra no takiana* », hoy ihany izy.

**JUDD**

Fikambanana BAAM

# Miantso ny hampitsaharana ny fanenjehana ny filohan' ny Antenimierampirenena

Nampahafantarina ny rehetra omaly teny Antaninarenina ny fijoroan'ny vovonam-pikambanana iray antsoina hoe BAAM, izay ivondronan'ireo foko mpiziva avy amin'ny Betsileo, Antesaka, Antemoro, Antandroy, Makoa… Filoha mitarika izany Atoa Rasambozafy Cyril. Araka ny fanambarana nataon'izy ireo dia manohitra ny fampitahorana sy fampihorohoroana ireo mpikambana ao aminy ny BAAM. Tafiditra ao anatin'izany ireo lehiben'ny andrimpanjakana tahaka ny filohan'ny Antenimierampirenena, izay voalazan' izy ireo fa manao ny asany ara-drariny. « *Ny BAAM dia manao antso avo sy mangataka ny hampitsaharana ny fanenjehana ny olona manao ny asany ara-drariny. Hajao ny maha izy azy fa tsy ekena intsony ny fanivaivana ny mpikambana miaraka aminay* », hoy ny Filohan'ny BAAM. Nanamafy izy ireo fa tokony hatsahatra ny fikasana hisambotra na hampihorohoro ny Praiminisitra teo aloha Monja Roindefo. Nilaza izy ireo fa hijoro sy hiaro hatramin'ny farany ireo mpikambana ao aminy. Nisy moa ny fanazavana ny momba ny fikambanana BAAM sy ny maha zava-dehibe ny fihavanana noho ny fizivana izay ananan'izy ireo.

**JUDD**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Kitra - " Grand Tournoi d'Antananarivo"

# Handrombaka 20 tapitrisa ny tompondaka

*Hanampiana ireo klioba anatin'ny Orange Pro League hanomanany ny taom-pilalaovana hoavy izy ity.*



Misokatra ho an'ny klioba rehetra ny GTA, hoy Rakotoarimanana Henintsoa.

Hanomboka amin'ny faran'ny herinandro izao, ilay « Grand Tournoi d'Antananarivo», eo amin'ny taranja baolina kitra. Ekipa 24 no andrasana handray anjara amin'izany, izay ny ligin' Analamanga no mpikarakara saingy misokatra ho an'ny klioba rehetra manerana an'i Madagsikara izany, ka na avy ao amin'ny OPL na D2 na avy eny amin'ny fokontany saingy izay tonga voalohany ihany no raisina satria voafetra ny toerana. Tsy hisy ny fijerena kara-pilalaovana amin'ity fa lisitra ahitana mpilalao 25 ihany no takiana Nambaran-dRakotoarimanana Henintsoa, fa hanampiana ireo klioba mpifaninana anatin'ny Orange Pro League izy ity, hahafahany manomana ny taom-pilalaovana hoavy. Lelavola hatramin'ny 20 tapitrisa ar no homena ny ekipa tompondaka raha 1 tapitrisa ar no saram-pandraisana anjara. Nohamafisin'ity filohan'ny ligin'Analamanga ity, fa tsy voatery eto Analamanga ihany no hanaovana ny fifaninanana, fa raha toa ka misy klioba avy any amin'ny faritra hafa mandray anjara dia hisy lalao atao any amin'ny kianjany. Hozaraina vondrona 4 misy ekipa 6 avy moa izy 24, izay efa voafaritra mazava ny tohiny anatin'ny fitsipika mifehy ny lalao. Efa maro moa ireo klioba nisoratra anarana amin'izany, izay mbola hanaovan'ny ligin' Analamanga antso avo hatrany ireo klioba, mba hanatanteraka haingana ny fisoratana anarana satria dia efa kelikely ihany ny toerana sisa.

**Rabenaivo**

AJESAIA - " Tournoi Grand Tana - Non Stop "

# Nanao pao-droa ny ekipan'ny Camping Katsaoka FC

Nandritra ny "Tournoi Grand Tana – Non Stop", nokarakarain'ny AJESAIA teny amin'ny kianja TOP Foot Cité des Assureurs Itaosy tamin'ny faran'ny herinandro teo, dia fahombiazana roa sosona no norantovin'ny ekipan'ny Camping Katsaoka FC teo amin'ny lalao famaranana, satria norombahan'ny sokajy latsaky ny 13 sy 15 taonany avokoa ny amboara lehibe natolotr'i Tokinantenaina Randriatsiferana Tsiry kely, mpilalao novolavolain'ny AJESAIA sy novidian'ny FOSA Junior Boeny ary manantevin-daharana ny Barea de Madagascar amin'izao lalao fifnintsanana amin'ny Mondial 2026 izao. Saika norombahan'ny C.K.F.C ihany koa ny amboara tamin'ny lalao famaranana, natokana ho an'ny latsaky ny 10 taona, fa saingy nosakanan'ny mpilalaon'i Gina, mpanazatra ny tompon' ny fanasana tamin'ity fihaonana ity ny T.G.T.N.S, izay eo ambany fitantanana sy fanazaran'I Me Rakotonirina Fernando "Gabany", mpilalaon'ny Domoina Soavina Atsimondrano fahiny, ampian'i Ramaroson Louis de Gonzague sy Ravelonirina Manitra. Marihina fa tamin' ireo ekipa 25 nandray anjara tamin'ny fifaninanana, dia tsy nisy nandresy mihitsy ny ekipan'ny C.K.F.C raha tsy tamin'ny lalao famaranana "U10" teo anatrehan'ny AJESAIA, notarihan'ny kapiteniny Evra, izay hametraka ny tantaran'ny baolina kitra malagasy toa an'ireo zokiny (Bolida – Voavy Paulin – Tsiry Kely – El Hadari…) ihany koa atsy ho atsy.

**Tsara ho fantatra**

Ankoatra ny amboara nomen'ny ekipan'i Jasmina Ravelonarivo ny mpandresy sy ny lefiny, dia mbola nahazo medaly volamena ihany koa ny tompondaka tamin'ity fifaninanana ity. Toy izao kosa ny anaran'ireo mpilalao mendrika teo amin'ny sokajy "U13-U15" : "Meilleur joueur" : Rakotomananana Andriniaina Finoana (U13/N°5/DKM) – Mamisoa Jean Christian (U15/N°10/C.K.F.C) ; "Meilleur Goal Keeper" : Rakotoarisona Fanamby Fitia (U13/N01/C.K.F.C) – Fanomezantsoa Tiavina (U15/N°01/C.K.F.C). Marihina fa hatao any amin'ny kianja Manarapenitr'i Moramanga amin'ny faran'ity taona ity ny "Tournoi National"-n'ny AJESAIA, izay efa hanasany dieny izao ny mpandray anjara, hisoratra anarana eny amin'ny biraony (ampitan'ny Horizon Tanikatsaka Itaosy).

**aris rafaly**





Ireo ekipan'ny CAMPING Katsaoka FC nandrombaka ny amboara. (Sary: a.r)

MONDIAL 2026

# Nomotsanin'ny Barea 3 no ho 0 i Tchad

Fandresena 3 no ho 0 omaly tany amin'ny kianja Oujda Maraoka no nivoahan'ny Barean'i Madagasikara ho mpandresy nanoloana ny Les Sao an'i Tchad, taranja baolina kitra. Baolina 2 no tafiditr'i Njiva izay tamin'ny lohany, teo amin'ny minitra faha-10 sy daka taty amin'ny minitra faha-84, izay mbola nampian'i La Poussin teo amin'ny minitra 90+2 no nitondra izany ho an'ny ekipampirenena Malagasy, izay nahazoana ny isa 3. Tafiditra tsara ao anatin'ny fifanitsanana ho an'ny fiadiana tapakila izany ny Barean'i Madagasikara, izay nahavita ny fanamby tamin'ny fanonerana ilay faharesena 0 no ho 1 nanoloana an'i Ghana tamin'ny andro voalohany. Raha hiverenana iny lalao iny, nahomby tanteraka ny tetikady napetraky ny mpanazatra Roro, izay nametraka ny firafitra 4-3-3. Niakatra an-kianja voalohany ry Melvin, Metanire, Fontaine, Berajo Kenji, Marco Ilaimaharitra, Rayan, Clement couturier, Njiva,, Dorian ary Lapoussin. Nety ihany koa ny fampidirana an'i El Hadary, izay tolotra avy any aminy avokoa ny tafiditr'i Njiva sy Lapoussin.

**Rabenaivo**

Malagasy Rugby

# Faharoa aorian'ny Afrika Atsimo no misy azy

Noho ny ezaka sy ny zava-bitany, nipetraka eo amin'ny laharana faharoa ny Malagasy Rugby ho an'ny aty amin'ny kaontinanta Afrika, eo amin'ny taranja Rugby. Nambaran'ny filohany, Rakotomalala Marcel, fa zavatra telo no nandrefesan'ny Rugby Afrique izany dia eo ny lafin'ny fampandrosoana, fitantanana ary ny fikarakarana fifaninanana. Ry zareo Afrikanina Tatsimo no mipetraka eo amin'ny laharana voalohany, izay iaraha-mahita ny fandrosoan'ny baolina any aminy ary vao avy nandromby ny anaram-boninahitra ho tompondaka eran-tany teo iny. Mahakasika ny Malagasy Rugby hatrany, mbola anatin'ny fikarakarana hetsika sy fifaninanana izy ireo. Ny faran'ny herinandro teo, efa nizotra tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ho an'ny sokajy vehivavy. Raha tsy misy ihany koa ny fiovana, amin'ny faran'ny herinandro izao no hiakatra an-kianja ny fiadiana ny amboaran'i Madagasikara, ireo fileovana 12 nahazo ny laharana voalohany tamin'ny TOP20 no hiatrika izany. Ankoatra izay, mbola anatiny ihany koa ny fifaninanampirenena ho an'ny diviziona faharoa rezionaly. Azo lazaina fa feno tanteraka izany ny fandaharam-potoana ho an'ny Malagasy Rugby, izay anisan'ny federasiona mahavita sy manatanteraka hatrany ireo karazam-pifaninanana rehetra misy eto an-toerana ary mandray anjara hatrany amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena any ivelany hatrany koa.

**Rabenaivo**

Basket - "ROAD TO BAL Elite 16 "

# Vonona tanteraka ny ekipan' ny COSPN

Nanainga tamin'ny alahady 19 novambra 2023 teo, nankatsy Johannesburg Afrika Atsimo ny ekipan'ny *Club Omni-Sport de la Police Nationale* amin'ny taranja basket-ball, izay nohatevenin'i Elly Randriamampionona (Gendarmérie Nationale Basket-ball Club), miaraka amin'i Bishop avy any Etazonia sy ilay nigeriana Emmanuel, hiatrika ny "Road To BAL – Elite 16" amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika ho an'ny klioba tompondakan'ny fireneny avy. Mialoha ny nandaozana ny tanindrazana dia noraisina sy notsofin'ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka, ny Inspecteur Général de Police Randrianarison Fanomezantsoa, rano sy nomeny toromarika ny mpilalao sy ny mpanazatra ary ny lehiben'ny delegasiona miaraka aminy tamin'ny sabotsy 18 novambra 2023. Nanome toky ny COSPN fa vonona tanteraka hiaro mafy ny voninahi-pirenena. Marihina fa manomboka anio ny fifaninanana ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 26 novambra 2023 izao. Firenena miisa valo (8) no hifaninana amin'izany ka ny telo (3) voalohany no tafita hiatrika ny dingan'ny famaranana "Elite 12" , izay ho tanterahina any Kigali – Rwanda. Nanao fanambarana manokana i Elly, nisaotra ny ekipan'ny Gendarmerie Nationale Basket-ball Club, nanome alalana azy hanamafy ny COSPN satria mpirahalahy mianala ny mpitandro filaminana, hanome voninahitra an'i Madagasikara.

**aris rafaly**

midigazetikom@gmail.com